Un projet mis en œuvre par Gender Links

Ce projet est financé par l'Union Européenne

TATITRA
FAMETRAHANA NY MIRALENTA ENY AMIN'NY VONDROM-BAHOAKA IFOTONY DINGANA FAHA 4

Firenena: Madagasikara
Koaminina: RAMENA

Daty: 10-11-12 Jona 2014
Toerana: Hotel OISIS RAMENA

Mpandray anjara sy ny ekipan' ny Koaminina nandritra ny fiofanana

FIZAHAN-TAKILAKA

FIZAHAN-TAKILAKA....2
FANOLORANA....3
TANTARA....4
FIZOTRY NY ATRIKASA....5
Lohahevitra voalohany: hevitra fototra iompan'ny miralenta....5
Hevitra nivoaka nandritra ny ady hevitra....5
Momba ny fiheverana raiki-tampisaka....5
Lohahevitra faharoa: Ny miralenta sy fitondram-panjakana....6
Lohahevitra fahatelo: Fandravonana ady sy disadisa....7
Lohahevitra fahaefatra: Tetika hahatongavana amin'ny miralenta....7
Lohahevitra fahadimy ny miralenta sy ny fiarian-karena....7
FAHATRARANA NY TANJONA....8
IREO FANAMBY....8

TOVANA

TOVANA A: FANDAHARAM-POTOANA....9
TOVANA B: FANAMARINAM-PAHATONGAVANA....10
TOVANA D: TOMBAN'NY ATRIKASA....12

FANOLORANA

Ity tatitra ity dia entina hamintinana ireo hevi-dehibe nisongadina nandritra ny atrikasa izay notontosaina tao amin'ny kaominina ambanivohitr'I RAMENA ny 10, 11 ary 12 Jona 2014, tao amin'ny RESTAURANT OASIS. Atrikasa izay natrehan'ireo tompon'andraikitra eo amin'ny kaominina sy Fokontany tsirairay, ireo mpiandraikitra eo amin'ny sehatry ny fampianarana, ny fahasalamana, ny finoana ary ireo avy amin'ny fikambanana vitsivitsy eo amin'ny tanàna.

Ny tanjona nandritra ny atrikasa dia ny hampahafantarana bebe kokoa ny hevitra ijoroan'ny miralenta sy ny fampifandraisana izany eo amin'ny fampandrosoana ny kaominina. Lohahevitra dimy mazava no nohalalinina nandritrany telo andro:

Lohahevitra voalohany: Hevitra fototra iompanan'ny miralenta: nampisongadinana ny fanavahana ny miralenta sy ireo toetra voajanahary eo amin'ny maha lahy sy ny maha vavy ary ny famaritana ny atao hoe fiheverana raiki-tampisaka.

Lohahevitra faharoa: Miralenta sy fitondram-panjakana ka nikarohana ireo sakana mahatonga ny vehivavy tsy miditra, tsy mandray anjara amin'ny sehatra pôlitika ka tsy mahazo fahefana manova.

Lohahevitra fahatelo: fandravonana ny ady sy disadisa dia nojerena ny trangana disadisam-piarahamonina mpiseho ato anatin'ny Kaominina mba hanamora ny fikarohana ny paikady entina handravonana azy.

Lohahevitra fahaefatra: ny hevitra sy tetika hahatongavana amin'ny Miralenta izay nampisehoana ny filàna fototra andavan'andro sy filàna maharitra mila paikady hoan'ny mponina.

Lohahevitra fahadimy: ny Miralenta sy fiharin-karena dia ny fampatsiahivana ny hamaroan'ny andraikitra ny vehivavy indray miaraka.

Tonga namaly ny antso avokoa ireo olona 25 nasaina hiatrika ity atrikasa ity ary tsikaritra fa hita tao avokoa ireo solon-tena avy amin'ny sehatra rehetra (Jereo Tovana A: Lisitry ny mpandray anjara)

Tsapan'ireo mpizaika fa nanampy betsaka azy ireo ity atrikasa ity tamin'ny fahazoana ny atao hoe miralenta ka notakiany ny fitohizany hatrany. Porofon'izany ny valin'ny tombana izay nofintinina ao amin'ny Tovana B.

TANTARA

Tamin'ny taona 2003 no nanaovan'ny GENDERLINKS fanadihadiana feno momba ny fiantraikan'ny fandraisan'ny vehivavy anjara amin'ny politika tao amin'ny FAA (Fifanarahan'ny Faritra Atsomon'i Afrika). Anisan'ny zava-dehibe tsapa tao amin'ny "Ringing up the Changes, Gender in Politics in Southern Africa" na "Famohazana amin'ny torimaso ka hirosoana amin'ny fanovana sy amin'ny Miralenta eo amin'ny sehatra politika ao amin'ny faritra FAA" fa ny fitondrana ifotony dia sehatra iray izay mampalahelo fa nohamaivanina tao amin'ireo lahateny aman-tsoratra mikasika ny Miralenta sy ny fitondrana ifotony. Vokatr'izany, nanao fikarohana mamaky lay ny GENDER LINKS tamin'ny taona 2006/2007 tao amin'ny Coalface: Gender and local government, (sur le terrain: Genre et collectivité locale na eny an-tsehatra: Miralenta sy Fitondrana ifotony) tany Afrika, Lesotho, Maurice ary Namibie.

Hita tamin'io fanadihadiana io fa vitsy ny fampiharana natao mba hametrahana ny foto-kevitry ny Miralenta amin'ny drafitra fampandrosoana rehetra eo anivon'ny fitondrana. Vitsy koa ny fanamafisana ny fahaiza-manaon'ireo mpanolo-tsain'ny Kaominina hahay hitarika asa. Nanombika tamin'izay dia nitarina tamin'ny firenena sivy hafa ny fanadihadiana. Eo amin'ny fomba fiasa indray: raha vao vita ny tatitra an-tsoratra momba ny fikarohana natao dia nanao fampiofanana momba ny fampahafantarana sy ny paika any amin'ireo firenena tsirairay avy ireo miaraka amin'ireo mpiombona antoka sy ny mpiara-miasa fototra ny GNDER LINKS.

Ny tsara indrindra aza dia miaraka amin'ireo fikambanana miankina amin'y Fanjakana ifotony ao amin'io firenena io no hanoritana ny lalana hanatanterahana ny paika sy hanaovana ny atrikasa momba ny drafitrasan'ny Herisetra sy ny Miralenta ao amin'ny faritany, faritra ary distrika. Izany dia natao mba hanamarinana fa manana drafitrasa momba ny Miralenta daholo ny Kaominina rehetra. Tamin'ny volana Marsa 2010 dia nanao ny Fivoriana an-tampony voalohany momba ny fampanjakana ny rariny eo amin'ny Miralenta sy ny fitondrana ifotony ary ny fanambiny ny GENDER LINKS mba hanangonana ny porofon'ireo fanapahan-kevitra arahina asa noraisin'ny fitondram-panjakana sy ny olon-tsotra hampitoboana ny fahefana ananan'ny vehivavy sy hampitsaharana ny Herisetra.

FIZOTRY NY ATRIKASA

Fanokafana amin'ny fomba ofisialy

Alohan'ny nanombohan'ny atrikasa dia nisy ny fandraisam-pitenenanana nataon'ireo Ben'ny Tanàna Lefitry ny Kaominina sy ny solontenan'ny Gender Links. Naneho ny fisaorana ny Gender Links Andriamatoa ben'ny tanàna lefitra, Andriamatoa RAZAFINDRAMANANA Ferdinah noho ny nisafidinan'izy ireo manokana ny Kaominina Ramena. Manaraka izany dia samy naniry ny hitohizan'ny fiaraha-miasa ny roa tonta.

Taorian'ny fanokafana ofisialy dia novelabelarina avy hatrany ireo tanjona tiana ho tratrarina mandritra ny telo andro ary ny fandaharam-potoana mifandraika amin'izany.

Natomboka tamin'ny fampahafantarana ny fifanarahan'ny FAA momba ny Miralenta sy ny fampandrosoana ny atrikasa. Nentina hisarihana ny sain'ny mpandray anjara dia nijery horonan-tsary iray momba io fifanarahana io ny mpandray anjara rehetra.

Lohahevitra voalohany: hevitra fototra iompan'ny miralenta

Fampiasana sy fampiharana

Nasaina nandray anjara ny mpizaika tamin'ny fanavahana maha lahy sy ny maha vavy.

Maro ireo tosa-kevitra nivoaka nandritra ny fifanakalozan-kevitra. Notsongaina tamin'izany ny toetra voajanahary izay tsy azo ovana toy ny: fampinonoana, fitondrana vohoka ary ny fadim-bolana hoan'ny vehivavy, ny vaky feo, maniry volom-bava ny filahina hoan'ny lehilahy. Kanefa ny asa aman' andraikitra izay noheverin'ny fiaraha-monina hanavahana ny lahy sy ny vavy dia azo ovaina.

Momba ny fiheverana raiki-tampisaka

Anisan'ny antony mbola mampiorim-paka ny fiheverana raiki-tapisaka ny fomba amam-panao eto Madagasikara. Hita taratra izany nandritra ny fampiharana ka namoahana ireo tonon-kira, ohabolana sy fomba fitenenanana ary ny fomba amam-panao izay hita fa manome vahana ny raiki-tapisaka.

Noho izany dia matetika ny vehivavy dia hanankinana ny anjara asa rehetra momba ny tokan-trano toy asa ao an-tokantrano, ny fikarakarana ny ankizy nateraka, fa ny lehilahy kosa dia natao handray andraikitra eo amin'ny firenena sy hitondra ny vola ao an-tokantrano. Tsikaritra ihany koa ny fiheverana raiki-tapisaka eo amin'ny fomba fijerin'ny fiaraha-monina Malagasy amin'ny lehilahy sy ny vehivavy. Ohatra amin'izany ny fandraisana ny hoe: "ny vola maha rangahy" sy ny hoe "Antibavy lanin'amboa RO ambila fa hozan-kena"

<u>Lohahevitra faharoa</u>: Ny miralenta sy fitondram-panjakana

Nodinihina ireo sakana mahatonga ny vehivavy tsy handray anjara eo amin'ny sehatra pôlitika sy fitantanana. Ka fanaovana asa isan-tarika no nanatontosana izany

Tarika 1= Nandinika ny sakana mahatonga ny vehivavy tsy tafidititra amin'ny sehatra politika

Tarika 2= Nandinika ny sakana mahatonga ny vehivavy tsy mandray anjara amin'ny fampandrosoana

Tarika 3= Nandinika ny sakana mahatonga ny vehivavy tsy hafaka mitondra fanovana.

Hevitra nivoaka nandritra ny ady hevitra

Maro ireo olana hita fa manakana ny fidiran'ny vehivavy eo amin'ny sehatra pôlitika. Notsongaina tamin'izany ny:

- Tsy fahatokisan-tenan'ny vehivavy sy ny tsy fahasahiana.
- Tsy fahampian'ny fanofanana sy fahaizana.
- Havitsin'ny vehivavy efa hita eo amin'ny sehatra politika.
- Tsy fahampian'ny fanentanana eny ifotony.
- Tsy fahampian'ny fotoana
- Tsy fatokisana sy fanambaniana ny vehivavy
- Fitiavan-tenan'ny lehilahy na fanilikiliana ny vehivavy

Vaha-olana natolotra

- Fampirisihana ny tovovavy handrato fianarana

- Fanentanana sy fampirisahana ny vehivavy handray anjara eo amin'ny raharaham-pirenena amin'ny alalan'ny fampidirana azy ireo amin'ny Fikambanana na vondrona iray.
- Fanofanana ny vehivavy
- Fanentanana eny anivon'ny fokontany sy kaominina.
- Fanomezana tan-tsoraka sy fanaovana fanakalozan-kevitra.

Lohahevitra fahatelo: Fandravonana ady sy disadisa

Nasaina navoakan'ny mpizaika tamin'ny alalan'ny lalao an- tsehatrany fandravonana ireo tranganà disadisa izay misy eo anivon' ny fiarahamonina indrindra ato amin'ny Fokontany Ramena. Ka nizara tarika telo izy ireo.

Tarika 1: disadisa mikasika lehilahy iray manambady niditra an-tranon'ny vehivavy tsy manambady ka nagalariny ny telefonin'i ravehivavy.

Tarika 2: disadisa mikasika ny olona namaky trano

Tarika 3: disadisa mikasika ny adin'ny ankizy.

Samy nahitana ny toetra tokony hananan'ny mpanelanelana avokoa ireo tarika telo. Koa anisany toetra ilaina ny:

- Tsy mitanila
- Afaka mandresy lahatra ny andaniny sy ny ankilany
- Mahatana ny tsiambaratelo
- Afaka mihaino sy manadihady ny tsirairay
- Tsy mora kivy indrindra ny mpandamina
- Ny hisian'ny mangarahara an-tokantrano

Marihina fa tokony raiketina an-tsoratra ary voasonian'ny andaniny sy ny ankilany ny zavatra rehetra tapaka nandritra ny fandravonana.

Lohahevitra fahaefatra: Tetika hahatongavana amin'ny miralenta.

Tantara hita amin'ny fiainana andavanandro no nentina nandalinana ity lohahevitra ity. Samy naneho hevitra amin'ny famahana ny olana amin'ny filàna fototra andavanandro sy filàna maharitra mila paikady ny mpizaika.

Teo no nahafantatra ireo filàna misy eo amin'ny kaominin'i RAMENA manokana. Alohan'izany dia nohazavaina tamin'ireo mpandray anjara ny famaritana ny atao hoe filàna fototra sy filàna maharitra mila paikady (Boky Torolalana fampiofanana pejy 47)

Ireto filàna maharitra mila paikady ao amin'ny Kaomina RAMENA

- Foto-drafitrasa eo amin'ny sehatry ny fahasalamana sy Fanabeazana
- Fandriam-pahalemana
- Serasera
- Rano fisotro madio
- Jiro

Lohahevitra fahadimy ny miralenta sy ny fiharian-karena

Fandalinana ny resaka nifanaovan'ny lehilahy iray sy ireo vehivavy maromaro momba ny asa hamelomantenan'ireo vehivavy. Hita fa na dia ireo vehivavy aza tsy mahatsapa fa miasa izy ireo na dia teo aza ny fitanisana ny asa aman'andraikitra maro be sahaniny amin'ny fiainana andavanandro satria tsy mampidim-bola. Mbola mibahana tao an-tsain'ny mpiara-monina ny fananbaniana ny asa mavesatra ataon'ny vehivavy izay tsy andraisan-karama fa

TONDRATENA fotsiny. Fa ny lehilahy izay miasa mampidi-bola ihany no heverina fa manao VELONTENA.

FAHATRARANA NY TANJONA

- Niampy ny fahalalan'ireo mpandray anjara momba ny fifanarahana eo amin'ny FAA.
- Azon'ireo mpandray anjara ny foto-kevitra iompanan'ny miralenta
- Manana ny fahavononana ny hampiatra ny miralenta eo amin'ny kaominina ireo mpandray
- Vonona handray anjara koa izy ireo amin'ny fampandrosoana ny Koaminina misy azy noho ny fanomezan-toky nataon'ireo vehivavy hiditra amin'ny fitondrana sy fanohanana ireo vehivavy hilatsaka avy amin'ny lehilahy.
- Fahaizan'ny mpizaika ny nanavaka ny filàna fototra andavanandro sy filàna maharitra mila paikady ka namoahana ny hanaovana foto-drafitrasa momba ny rano fisotro madio, tranon-tsekoly.

IREO FANAMBY

- Fandresen-dahatra eo amin'ny fampiharana ny miralenta
- Fanatanterahana ny paikady miralenta eo amin'ny kaominina Ramena
- Fanentanana ny vehivavy mba handray anjara amin'ny fampandrosoana

TOVANA A: FANDAHARAM-POTOANA
ATRIKASA MOMBA NY FAMETRAHANA IVON- TOERANA MENDRIKA
Firenena: Madagasikara
Kaominina RAMENA
Toerana: Hotel OISIS Ramena
Daty: 10-11-12 Juin 2014

Ora	ANDRO	Iza(Tompon'and raikitra)
Andro voalohany 10 Juin 2014		
08 h 30 – 09 h 00	Fandraisana	Mpampiofana
09 h 30 – 10 h 00	Fanokafana amin'ny fomba ofisialy	Maire / GL
10 h 00 – 10 h 15	**Pause café**	
10 h 15 - 11 h 15	Fijerena ny zava- misy iainana marina	Ny rehetra
11 h 15- 12 h 30	Fampahafantarana ny FAA	AMINA / Berthe
12 h 30 – 14 h 00	**Sakafo**	
14 h 00 – 15 h 00	Hevitra iompanan' ny Miralenta; GENRE ET SEXE	Berthe
15 h 00 –16 h 00	STEREOTYPE	AMINA
16 h 00 – 16 15	**Pause café**	
Andro faharoa 11 Juin 2014		
08h 30- 10h	Ny Miralenta sy fitondram-panjakana	Berthe
10h- 10h15	**Pause café**	
10h15- 12h 30	Fandravonana ady sy disadisa	AMINA
12h30 -14h 00	**Sakafo**	
14h 00 -16h00	Hevitra sy tetika hahatongavana amin'ny Miralenta	Berthe
16 h 00- 16 h 15	**Pause café**	
Andro fahatelo: 12 Juin 2014		
8h 30 – 09 h 30	Ny miralenta sy ny fiharian-karena	AMINA
09h30 – 10h 00	Fandravonana	Berthe
10h 00 – 10 h15	**Pause café**	
10h 15 – 11h 30	Fanomanana ny fivoriana	Ny rehetra
11h 30 - 12h30	Tombana	Mpiofana
12h30-14h 30	**Sakafo**	
14h 30 16h 00	Fivoriana fampahafantarana ny fifanarahana SADC	Ny rehetra
14 h 00-14h 30	**Famaranana sy fanalana hetaheta ny rehetra**	

TOVANA B: **DINGANA: FAHA EFATRA**
Firenena: MADAGASIKARA
Toerana: Kaominina RAMENA
Daty: 10-11-12 JONA 2014

N°	Anarana sy fanampiny	Lahy (L)/Vavy(V)	Kaominina	Andraikitra	Téléphone	E-mail
1	RAZAFINDRAMANANA Ferdinand	L	CR RAMENA	1er Adjoint au Maire	0324171899	
2	RASINORO Jean Rina	V	CR RAMENA	Association Féminine	032 25 398 55	
3	MAURICIA	V	CR RAMENA	Association Féminine		
4	ZACHARIE Bekamisy	L	CR RAME NA	C.A.A	034 46 268 28	
5	ASSIATA Maholidy	V	CR RAMENA	Mpampianatra	032 11 064 88	
6	MAMISOA Florette	V	CR RAMENA	Masseuse	032 70 574 63	
7	SIMONE Juliette	V	CR RAMENA	Balayeur	0325421442	
8	VOHIZY Jacqueline	V	CR RAMENA	Association des femmes	0326378872	
9	MARCEL Manoël	L	CR RAMENA	Président du conseil	032522179	
11	FELICITE Lydia	V	CR RAMENA	Solontena ny fikambanana massage	0326054069	

N°	Anarana sy fanampiny	Lahy (L)/Vavy(V)	Kaominina	Andraikitra	Téléphone	E-mail
12	STEPHANIE Joéqua	V	CR RAMENA	Solontenan'ny fikambanana massage	0322721479	
13	MOHAMED ALY Zaitony	V	CR RAMENA	Mpampianatra CEG	0328703979	
14	ANDRIAMALALA Franco Danny	L	CR RAMENA	Mpampiatra EPP Ramena	0344798399	
15	ANGELO Mahaimana Regis	L	CR RAMENA	Mpampiatra EPP RAMENA	0329547467	
16	FONTIZARA ZAKIA Claudette	V	CR RAMENA	Adjointe Fokontany Ramena	0327145750	
17	MONJA	L	CR RAMENA	Chef fokontany	0327629775	
18	IRSON Augustin	L	CR RAMENA	Chef FKT Andavakoera	0320410330	
19	RAMANANTSOA Hery	L	CR RAMENA	Tanora(ramena)		
20	RATSIMBAZAFY Hoby	V	CR RAMENA	AC NY FKT Betahitry	0322778632	
21	ARIMINA MARIE Garette	V	CR RAMENA	Dispensatrice CSB RAMENA	0328523467	
22	FADILA	L	CR RAMENA	Chef FKT Adj Andavakoera	0320260700	
23	JEAN CLAUDE	L	CR RAMENA	Ivovona FKT	0322159733	
24	FANOAIA Charlin	L	CR RAMENA	Chef FKT Betahitra	0324072753	
25	MBOTIMINA Stella	V	CR RAMENA	Association massage		

Tahan'isa lahy sy vavy:

VAVY	14	56 %
LAHY	11	46 %
TOTALINY	**25**	**100 %**

TOVANA D: TOMBAN'NY ATRIKASA

Firenena	MADAGASIKARA					
Sexe	Male 11 Female 14					
Faritra	DIANA					
Kaominina	RAMENA					
Taona	12 - 17 ☐	18 -30=12	31- 40=05	41– 50=03	51– 60=03	60=02
Fianarana	Ambaratonga voalohany: 7	Ambaratonga faharoa: 14	Oniversite: 3	Fanofanana ara-kasa	Fampianarana olon-dehibe:1	

Tombana	**Naoty /10**
1. Firafitry ny fandaharana amin'ny ankapobeny	8,2
2. Ny votoatin'ny fandaharana	8,72
3. Tahirin-kevitra nampiasaina	8,16
4. Fampitan'ny tompon'andraikitra ny fiofanana	9,28
5. Asa isam-baomiera (travail de groupe)	8,72
6. Vokatra azo	7,96
7. Fanajana ny fandaharam-potoana	7,56
8. Fahalalana azon'ny mpiofana	8,6
9. Tombontsoa eo amin'ny fivelarana	8,96
10. Fandaminana ankapobeny (sakafo, toerana, sns)	9,44

FANAMARIHANA

Inona tamin'ny fandaharana no tena nahafinaritra anao? Antony?

Jiaby satria tsara fipetraka ny fiofanana,
Satria nibiagna ny sainako
Jiaby satria tena tiako izy ireo
Fitoviana zo ny lahy sy ny vavy satria tsy ambanimbanin'ny lahy ny vavy
Fanaovana asan-tarika satria mahafinaritra ny valim-panontaniana azo
Jiaby satria niasa amiko ny vahaolana niasa amiko
Ny FAA
Miralenta satria mifanaraka amin'ny raha tiako atao
Hevitra sy tetika ahatongavana amin' ny miralenta sy fandravonana disadisa
Ny miralenta sy ny fiarian-karena
Ny miralenta sy fitondram-panjakana
Ny filana fototra sy filana maharitra
Fandravonana disadisa
Ny fomba fampafantarana ny programa

2- Inona tamin'ny fandaharana no tsy nilaina loatra? Antony?

Ny asam-bomiera
Nilaina avy satria mahakasika ny fianana andavanandro ny miralenta
Tsara ny fianarana
Nilaina avy izy rehetra satria nampiova ny fiananako tanaty 3 andro niofanana
Tsy misy tsy mahaliana za
Tsy misy satria feno trara mihitsy ny fanazavandreo azy.

Fifanarahan’ SADC satria tsy voavakiko ny andininy maro

3- Ahoana no mety ampiharanao ireo fahalalana noratovinao teto amin’ny fiofanana?

Ataoko amin’izay manodidina ahy
Mampita amin’ny vahoaka ny fahalalana azoko
Hampanao fiofanana miralenta amin’ny fikambanam-behivavy
Ampahafantarina ny olon-kafa izay tsy niatrika teto
Ampiarina an-tokantrano
Mamelabelatra amin’ny namana
Mihaino sy serasera sy mamonjy fivoriana
Amin’alalan’ny paikady filana maharitra na dia lavitra ezaka aza
Ampitiavana sy fazotoana
Ampiarina amin’ny toeram-piasana
Amporisiaka ny olona hanatona ny fiofanana
Mampitapita amin’ny olona manodidina
Manome soso-kevitra ho an’ny vehivavy mba hitaky ny zo
Mampita amin’ny vady
Mandresilahatra ny vehivavy mba hiditra ao ami’ny fitondram-panjakana

Fanamarihana hafa?

Nampisy fivoaran-tsaina
Tsara ny fiofanana natao teto ary nampisy ny fivelarantsaina,
Fanohizanan’ireo mpampiofana hanohy ny fiofanana
Mirary ny fahavitan’ny dingama rehetra,
Tokony hiova toetra ny lehilahy mba hisian’ny fandrosoana eo amin’ ny ankohonana,
Fandalinana ny miralenta,
Tsara ny fiofanana fa tsy ampy ny indemnite,
Nahafinaritra ny fiofanana satria nahitana zavatra maro,
Misaotra ny mpampiofana ny tenako fa tsara ny lesona ka mangataka atao matetika
Fotoana fohy mila ampiana roa andro.